


NOELY antoandro - TAONA A



"MIANTSO ANSIKA MBA HO IRAY TAM-PO AMINY NY ZANAK'ANDRIAMANITRA"

Ry kristianina havana, ankafaliana sy ankaravoana no anolorana ny fiarahabana sy ny firariantsoa ho antsika olo araiky jiaby amin'izao Noely Andriamanitra eto amintsika izao. Tsy misy vaovao mihoatra noho izany, Emanoela Andriamanitra miara-monina amintsika. Izany no ankalazaintsika amin'izao Noely izay efa nomanintsika nandritra ny herinandro maromaro ary nisy aza ireo modely natoron'ny Eglizy mba ho entintsika nanomana an'izany Noely izany dia i Md Joany Batista, i Md Josefa ary i Masina Maria. Tsy mitsahatra isika no mamerimberina fa ny fankalazana ho antsika dia tsy hoe

fahatsiarovana fotsiny fa noho ny asan'ny Fanahy Masina dia mivelona an'izany fahatsiarovana izany isika. Vaovao lehibe ho antsika no ambaran'izao Noely izao, tsy nofinofy intsony ny hoe Andriamanitra eto anivontsika araka ny hira nataontsika teo ny lapan'ny lanitra izao dia mivoha. Izany tokoa mivoha ny lanitra raha eo anivontsika Andriamanitra. Izany hira izany no nankalazan'ny Anjely ny alin'ny Krismasy,

Vakiteny I : Iz. 52, 7-10

Salamo : Sal. 97

Vakiteny II : Heb. 1, 1-6

Evanjely : Jo. 1, 1-18

alina masina satria niandrasantsika an'Andriamanitra tonga eto amintsika.

Koa manolotra fiarahabana ho antsika satria teraka ho antsika tokoa ny mpamonjy, tonga ity ny andro lehibe. Nanambaran' ny anjely tamin'ireo mpiandry ondry : " Aza matahotra ianareo fa indro fifaliana lehibe ho an'ny vahoaka rehetra no lazaiko aminareo fa ny mpamonjy no teraka ho anareo anio ao an-tananan'i Davida".

Izany koa no manentana antsika amin'izao andron'ny Noely izao ry Kristianina havana, teraka ny mpamonjy ka hafaliana lehibe no manenika ny fontsika. Enga anie mba tsy ho hafaliana ety ivelany fotsiny fa hafaliana avy ao anaty ka fo anjakan'Andriamanitra tokoa ny fontsika .

Ilay zanak'Andriamanitra tonga eto anivontsika dia tonga nofo tokoa izy mba hamonjy antsika sy

hanambara amintsika ny famindrampon'Andriamanitra satria izy tokoa ny endriky ny famindrampon'Andriamanitra.

Araka ny efa fantantsika, izao taona vaovao izao dia taonan'ny fandalinam-pinoana ary fototra sy ny loharanon'ny finoana dia i Jesoa.

Amn'izao Noely izao ary dia manasa atsika rehetra aho handinika bebe kokoa an'i Kristy sy ny fahatongavana ho nofo izany.

Inona ary ny dikany hoe Emanoela, Andriamanitra eto anivontsika ?

Tonga nofo izy ary nanambara amintsika ny misiterin'ny Trinite masina izay manambara ny misterin'ny fiombonan'Andriamanitra tokana olona telo ka hahatonga atsika ihany koa hahalala an'izany fiombonana amin'ny Trinite masina izany sy hahatonga azy ho hery lehibe eo amin'ny fiainantsika.

Handinintsika amin'izao fankalazana ny Noely izao, ny hoe tonga olombelona i Jesoa mba hampahafantatra antsika ny fiainan'ny Trinité masina izay manambara fifankatiavana fiombonana, fifanompoana. Tsy hoe mikombona na mihidy izany Trinite masina izany fa fiombonana mivelatra ho an'ny hafa. Aoka izao fo vaovao entintsika amin'izao fankalazana izao hanokatra atsika amin'ny hafa ka ny fahatongavany ho nofo anie hananantsika hafenoana lehibe amin'ny maha zanak'Andriamanitra atsika.

Manasa atsika koa handinika fa i Jesoa dia tena Andriamanitra sady tena olombelona, midika inona moa izany ?

Andriamanitra tokoa i Jesoa fa tsy hoe sarisary ary olombelona tokoa satria zanaka naterak'i Masina Maria tao Betlehema. Feno tanteraka ny maha Andriamanitra azy ary feno tanteraka ny maha olombelona azy, izany ny misterin'ny fahatongavana ho nofo. Tahaka ny fomba fitenintsika malagasy raha mampiasa ny "sady.....no". Mitovy tanteraka izy roa fa ilay voalohany no mitarika na dia tsy very aza ny maha izy azy ny faharoa.

Ry kristianina havana, ny teny hoe kristianina dia avy amin'i Kristy, raha isika miteny hoe sady Kristianina no malagasy tsy hoe manapotika ny maha malagasy atsika izany fa malagasy feno isika ary Kristianina mpanaradia an'i Kristy izay midika koa ny fampitrahofana ny finoana sy ny fiainana andavanandro. Mivelona feno ny maha zanak'Andriamanitra isika ao amin'ny maha malagasy atsika, sady Kristianina no malagasy.

Izany no banjinintsika amin'izao fankalazana ny Noely izao, sady Andriamanitra no olombelona i Kristy, izany no mahatonga ny voninahitr'Andriamanitra ary zary fiadanana ho antsika olombelona. Voninahitra hivelomantsika ny maha zanak'Andriamanitra atsika noho izany dia mivelona ao anaty fiadanana isika satria ao anatin'ny fitiavana marina dia ilay fitiavana ampianarin'i Kristy atsika. Aoka ary ho fampianarana velona ho atsika izao fankalazana ny Noely izao ka hianatra izay nataon'i Masina Maria sy Md Josefa isika izay nandray an'i Jesoa, hianatra izay nataon'ireo mpiandry ondry isika izay nahay nandray an'i Jesoa tao anatin'ny fahatsorana. Aoka sanatria tsy hanao tahaka an'i Heroda na tahaka ireo izay nanilikilika an'i Jesoa isika.

Ry Kristianina havana raha mahay mandray an'i Jesoa isika aoka hahay handray ireo manodidina atsika : ny ao amin'ny tokantrano misy atsika, ny ao amin'ny fiaraha monina misy atsika fa indrindra ireo izay marary, ireo izay tra-pahoriana, ireo izay voahilikilika dia ho raisintsika ka hizaraintsika ny hafaliantsika.

Ry Kristianina havana, mbola mamerina ny firariantsoa ho antsika rehetra amin'izao Noely izao. Mitalaho ny tsodrano sy ny fahasoavan'Andriamanitra hirotsaka amintsika ka ho Noely hitondra fiadanana, fahasoavana, fifankatiavana, fampihavanana ho antsika tokoa izao Noely izao. Hahazo izay sitrak'Andriamanitra tokoa isika ka ho tanterahintsika eo amin'ny fiainantsika. Amen

Mompera Arseveka Mgr Benjamin Ramaroson